la dcc
Nos mondes à partager
http://ladcc.org/
N° Spécial Noël 2016
Paroles du développement
Spécial Noël
La lettre d'information de la Délégation Catholique pour la Coopération

# TENIN'NY FAMPANDROSOANA

## [ MADAGASI KARA ]

**Ny Soeurs du Christ : 8 volana izao no nifaneraserako tamin'ireo kôminôte samihafa ...**

### Endriky ny famindràm-po

**Pierre dia « mpanara-maso » ho an'ny fikambanan-drelijiozy misy any Madagasikara. Mamantantra ny fahombiazan'ny fiompiana sy ny fizakan-tenany ara-bola ary manampy amin'ny fitantanana ireo asa (sekoly, toeram-pitsaboana, toeram-pambolena,...)**








Endriky ny famindram-po iray hafa hitako taty dia ny Sœurs du Christ izay niarahako niaina sy niasa. 8 volana izao no nifaneraserako tamin'ireo kôminôte samihafa araka ny asam-panirahana sahaniko, nanohina ahy hatrany ny fandraisana niainako nataon'izy ireo tsirairay. Na mijanona iray andro aho na herinandro dia misy 4 ry masera mandray ny *vahiny,* ny olona asaina toa ahy.vohainy amiko ny varavaran'ny fiainana kôminôte ary ampahafantariny ahy ny asam-panirahana sahaniny, ny vavaka iainan'izy ireo.





Io fahalalan-tànana io dia miseho amin'ny asany : fianarana maimaim-poana ho an'ny ankizy mahantra, fanakaramana olona sahirana eo an-tanàna. Ary rehefa mandao an-dry masera aho mbola mahatsapa hatrany io fiahiana ny hafa io, rehefa maneho fisaorana ahy izy ireo nefa izaho mahatsapa fa tsy nanao afa tsy zavatra kely akory raha ampitahaina amin'izay noraisiko tamin'izy ireo...